# Le don éternel du témoignage

Par Kevin G. Brown
*des soixante-dix*

# Fijoroana ho vavolombelona, ilay fanomezana maharitra mandrakizay

Nataon'ny Loholona Kevin G. Brown
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

*Chaque fils ou fille de Dieu peut acquérir par lui-même ou par elle-même une connaissance plus profonde, plus ferme et plus sûre.*

*Afaka mahazo fahalalana lalina kokoa sy mafy orina kokoa ary azo antoka kokoa avy amin'ny tenany manokana ny zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra tsirairay.*

Mes chers frères et sœurs, dernièrement, j'ai réfléchi à trois vérités puissantes du Rétablissement. Ces vérités ont été une grande bénédiction dans ma vie. Aujourd'hui, j'aimerais vous expliquer comment ces vérités m'ont guidé dans mon parcours vers untémoignage sûrde l'Évangile de Jésus-Christ.

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, tato ho ato aho dia nisaintsaina fahamarinana telo mahery vaika avy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Tena nitahy lalina ny fiainako tokoa ireo fahamarinana ireo. Anio aho dia te hizara aminareo fomba iray nitarihan'ireo fahamarinana ireo ahy teo amin'ny fahazoakofijoroana ho vavolombelona azo antokamomba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

## 1. Dieu est notre Père céleste aimant

## 1. Andriamanitra no Raintsika any An-danitra be fitiavana

Dieu est omniscient et omnipotent. Par la lumière du Christ et le ministère du Saint-Esprit, son influence est partout.C'est dans sa nature de nous bénir.

Il voit notre passé, notre présent et notre destinée éternelle.Rien ne peut lui être caché.

L'invitation du président Nelson à « penser de manière céleste » nous encourage à imiter la vision et la nature de notre Père céleste.

Grâce à ses qualités divines, notre Père céleste nous accorde tout bon don, chacun selon sa perspective et sa vision éternelles.

Manana ny fahalalana sy ny hery rehetra Izy. Amin'ny alalan'ny Fahazavan'i Kristy sy ny fanompoan'ny Fanahy Masina dia tsapa na aiza na aiza ny fitaomany.Efa toetrany ny mitahy antsika.

Hitany ny lasantsika, sy ny zava-mitranga amintsika ankehitriny, ary ny hoavintsika mandrakizay.Tsy misy zavatra miafina Aminy.

Ny fanasan'ny Filoha Nelson hoe "saino amin'ny fomba selestialy" dia mamporisika antsika hanahaka ny vina sy ny toetran'ny Ray any An-danitra.

Noho ireo toetra maha Andriamanitra ananany, ny Raintsika any An-danitra dia manome antsika ny fanomezana tsara rehetra, miaraka amin'ny fomba fijeriny sy ny vinany mibanjina ny mandrakizay.

## 2. Le libre arbitre est le don de choisir et

## 2. Ny fahafahana misafidy dia fano-

d'agir par nous-mêmes

Il représente également la responsabilité de bien choisir.

Par son sang précieux, Jésus-Christ a payé le prix suprême pour ce privilège.

Nous croyons parfois que le libre arbitre signifie faire tout ce que nous voulons. Mais le fait que le prix en ait été payésignifie que le libre arbitre est un don sacré.

Nous sommes des agents et les agents ont une responsabilité. Dans ce cas, nous sommes responsables des choix que nous faisons en fonction de la connaissance que nous avons et des dons qui nous sont accordés. Nous ne pouvons pas faire de choix sans être responsables des conséquences.

Pourquoi avons-nous le libre arbitre ?

Pour choisir le bien.

Pour choisir le Christ.

Pour choisir continuellement la vie éternelle.

mezana iray mba hanaovantsika safidy sy hanaovantsika zavatra ho an'ny tenantsika

Izany koa dia andraikitra mba hisafidy tsara.

Nefain'i Jesoa Kristy tamin'ny ràny sarobidy ny sarany faratampony ho an'izany tombontsoa izany.

Mety hino isika indraindray fa ny fahafahana misafidy dia midika hoe afaka manao izay tiantsika isika. Saingy ny hoe efa voaefa ny saranydia midika fa ny fahafahana misafidy dia fanomezana masina.

Mpanao asa isika ary ny mpanao asa dia tompon'andraikitra amina zavatra. Noho izany dia tompon'andraikitra amin'ny safidy ataontsika isika, mifototra amin'ny fahalalana ananantsika sy ireo fanomezam-pahasoavana omena antsika. Tsy afaka manao safidy iray isika kanefa tsy ho tompon'andraikitra amin'ny vokany.

Nahoana isika no manana fahafahana misafidy?

Mba hifidy ny tsara.

Mba hifidy an'i Kristy.

Mba hifidy ny fiainana mandrakizay, hatrany hatrany.

## 3. Nous acquérons un témoignage par le pouvoir du Saint-Esprit

Un témoignage du Saint-Esprit est plus puissant que la vue. Il est le témoin suprême du Père et du Fils. Le président Nelson a enseigné : « Dans les jours à venir, il ne sera pas possible de survivre spirituellement sans l'influence directrice, réconfortante et constante du Saint-Esprit. »

Frères et sœurs, c'est pour cette raison que nous avons tous besoin du pouvoir du Saint-Esprit aujourd'hui.

Nous pouvons recevoir un témoignage du Saint-Esprit de différentes façons. Comme une ampoule qui s'allume dans une pièce sombre, il peut venir de manière spectaculaire et soudaine. Comme un lever de soleil, il peut se manifester graduellement, au fil du temps. Comme des rayons de lumière, il peut apparaître par une exposition intermittente à l'intelligence pure. Peu importe la manière, ce témoignage vient par le

## 3. Ny fijroana ho vavolombelona ananantsika dia tonga amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina

Mbola lehibe lavitra noho ny mahita maso ny manana fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Fanahy Masina.Izy no vavolombelona misongadina indrindra momba ny Ray sy ny Zanaka. Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Ao anatin'ireo andro ho avy, dia tsy azo heverina ny ho velon'aina ara-panahy raha tsy misy ny fitaoman'ny Fanahy Masina izay mitarika, sy manoro hevitra, ary mampionona tsy tapaka."

Rahalahy sy anabavy, izany no antony ilantsika tsirairay ny herin'ny Fanahy Masina ankehitriny.

Ny fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia mety ho tonga amin'ny fomba maro. Toy ny jiro ao anaty efitrano maizina iray dia mety ho tonga amin'ny fomba mahatalanjona sy tampoka izany. Mety ho tonga tsikelikely sy miadana toy ny fiposahan'ny masoandro izany. Mety ho tonga toy ny tara-pahazavana izany, mitselatra ao anatin'ny tena faharanitan-tsaina.Na manao ahoana na manao

Saint-Esprit.

ahoana ilay fomba dia tonga amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany.

## L'acquisition de mon témoignage en Jamaïque

J'ai grandi dans le beau pays de la Jamaïque, c'était un cadre joyeux et merveilleux. Cependant, lorsque je suis entré au lycée, certains de mes camarades de classe et de mes amis ne comprenaient pas ma décision de devenir membre de l'Église de Jésus-Christ. Ils me demandaient : « Comment as-tu pu te joindre à cette Église ? » « Comment peux-tu croire à cette histoire ? », faisant référence à la Première Vision. « Comment peux-tu lire ce livre ? », faisant référence au Livre de Mormon. « Tu y crois vraiment ? » Et « Pourquoi gâches-tu ta vie ainsi ? »

C'était douloureux, surtout lorsque ces questions venaient de personnes qui comptaient pour moi.

Mais ce qu'ils ne savaient pas, c'est que j'avais eu une expérience du Saint-Esprit. Alors que ce témoignage emplissait mon cœur, j'étais réconforté et le « ciel […] pour mon bonheur un instant m'[était] montré».

On vous a peut-être posé certaines de ces questions. Peut-être même qu'en ce moment, vous êtes assaillis comme je l'ai été.

Le don et le témoignage du Saint-Esprit sont accessibles à tout le monde.

La Jamaïque est pour moi ce que Palmyra a été pour Joseph Smith. C'est mon Bosquet sacré. Je ne connais pas l'endroit exact où Joseph s'est agenouillé pour prier dans le Bosquet sacré, mais je sais exactement où je me trouvais lorsque mon Bosquet sacré est devenu réalité. Cela a eu lieu au 4 Grove Road, à Mandeville, en Jamaïque, dans ma salle de bain, à six heures du matin, un mercredi, trois ans après mon baptême. Cette expérience sacrée s'est produite parce que, deux semaines plus tôt, une sœur missionnaire inspirée m'avait invité à lire le Livre de Mormon. Cette sœur, Audrey Krauss, assiste aujourd'hui à cette conférence avec sa famille et je l'aimerai toujours.

Cette expérience m'a transformé.

Frères et sœurs, ce n'est pas pour une utili-

## Fitadiavana Fijoroana ho vavolombelona tany Jamaika

Lehibe tany Jamaika tsara tarehy aho, nahafinaritra sy nahatalanjona izany. Rehefa nanomboka ny lisea anefa aho dia nisy tamin'ireo mpiara-mianatra sy namana izay tsy nahatakatra ny fanapahan-kevitro ho lasa mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy. "Inona no idiranao ao amin'io fiangonana io?" hoy izy ireo. "Inona no inoanao an'izany tantara izany?"—mantsy ny Fahitana voalohany. "Inona no amakiana an'io boky io?"—mantsy ny Bokin'i Môrmôna. Tena mino an'izany rehetra izany ve ianao?" Ary "nahoana no simbainao ny fiainanao?"

Tena naharary izany, indrindra fa raha avy amin'olona manan-danja amiko ilay izy.

Saingy izao no tsy fantatr'izy ireo: Niaina zavatra niaraka tamin'ny Fanahy Masina aho. Rehefa nameno ny foko izany fijoroana ho vavolombelona izany, dia nanamaivana ny fanaintainana nandritra ny andro maro, ary "tao anatin'ny fotoana fohy dia niseho teo imasoko ny fahitana ny lanitra."

Mety efa nametrahana ny sasany tamin'ireo fanontaniana ireo angamba ianao. Na amin'izao aza dia mety tototra fanontaniana tahaka ahy angamba ianao.

Ny fanomezana sy ny fijoroana ho vavolombelon'ny Fanahy Masina dia azon'ny rehetra ananana.

Ho ahy i Jamaika dia toa an'i Palmyra tamin'i Joseph Smith. Io no alakeliko masina. Tsy fantatro hoe taiza marina ny tena toerana nandohalihan'i Joseph hivavahana tao amin'ilay Alakely masina saingy fantatro tsara hoe taiza aho rehefa lasa tena izy ilay Alakeliko masina. Tany Four Grove Road, Mandeville, Jamaika, tao amin'ny efitrano fidiovako izany no nitranga, tamin'ny 6 ora maraina, andro Alarobia telo taona taorian'ny batisako. Nitranga izany zavatra niainana masina izany satria nisy rahavavy misiônera nentanim-panahy nanasa ahy hamaky ny Bokin'i Môrmôna roa herinandro talohan'izay. Manatrika izao fihaonambe izao Rahavavy Audrey Krauss anio miaraka amin'ny fianakaviany, ary tiako mandrakizay izy.

Nanova ahy izany zavatra niainana izany.

Rahalahy sy ranabavy, tsy nomena hoampia-

sation temporaire qu'un témoignage est accordé. Ce don de notre Père céleste aimant est destiné à être éternel parce que celui qui le donne est éternel. Un témoignage ne devrait pas avoir de date d'expiration. Il ne devrait pas s'affaiblir ou diminuer parce que quelque chose a changé dans ma vie ou dans le monde. Il devrait se renforcer, car, comme les talents du serviteur dans la parabole des talents, mon témoignage personnel est un don censé s'accroître, non être enterré.

Le fait de repenser à ces jours difficiles de mise à l'épreuve et de persécution que j'ai vécus dans mon enfance m'a permis d'en arriver au stade oùje sais maintenant par moi-même. Je ne fais pas que croire, espérer ou avoir confiance, bien que ces éléments constituent des particules importantes de foi sur le chemin vers untémoignage sûr. Je vous recommande de développer votre propre témoignage en posant des questions, en étudiant, en priant, en jeûnant et en méditant. Je vous en prie, n'arrêtez pas. Chaque effort que vous faites pour poursuivre ce chemin menant au témoignage en vaut la peine. Permettrez-vous à qui ou à quoi que ce soit de vous en priver ? « Quel témoignage plus grand peux-tu avoir que celui de Dieu? »

Chaque fils ou fille de Dieu peut acquérir par lui-même ou par elle-même une connaissance plus profonde, plus ferme et plus sûre. Tout comme Joseph Smith, qui a affirmé son témoignage malgré l'opposition, nous pouvons déclarer avec assurance : « Je le savais, et je savais que Dieu le savait, et je ne pouvais le nier ni ne l'osais. »

Mes chers frères et sœurs, laissez la jeune pousse du témoignage agir en vous jusqu'à ce qu'elle s'épanouisse en uneconnaissance sûre, glorieuseet éternelle.

Pour ceux d'entre nous qui sont baptisés et confirmés membres de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours, mais qui se disent encore « Je ne suis pas sûr de savoir », rappelez-vous cette promesse contenue dans la

saina amin'ny fotoana voafetra ny fijoroana ho vavolombelona. Natao haharitra mandrakizay io fanomezana avy amin'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana io satria maharitra mandrakizay ny mpanome azy.Tsy tokony hanana daty fahataperany ny fijoroana ho vavolombelona. Tsy tokony hihamalemy na hihena izany satria nisy zavatra niova teo amin'ny fiainako na nisy zavatra niova teo amin'izao tontolo izao. Tokony hihamatanjaka izany satria, tahaka ny talentan'ilay mpanompo ao amin'ny fanoharana momba ny talenta, dia fanomezana tokony hampitomboina ny fijoroana ho vavolombelona ananako manokana, fa tsy halevina.

Nanampy ahy ho tonga eo amin'ilay toerana hoefantatro avy amin'ny tenako amin'izay izaony fitodihako tamin'ireo andro sarotry ny fitsapana sy ny fanenjehana izay niainako tamin'ny fahazazako. Tsy hoe mino fotsiny aho, na manantena, na matoky, na dia izany aza ny ampahany manan-danja amin'ny finoana eo amin'ny lalana ahazoanafijoroana ho vavolombelona azo antoka. Midera anareo aho amin'ny ezaka ataonareo hamaritana ny lalanareo manokana amin'ny fametrahana fanontaniana, fandalinana, fivavahana, fifadian-kanina, ary fisaintsainana. Miangavy aho, aza mitsahatra. Mendrika ny ezaka rehetra ny fanarahana io lalana mankany amin'ny fijoroana ho vavolombelona io. Iza na inona no avelanao hanaisotra izany? "Inona no vavolombelona lehibe kokoa mety ho azonao mihoatra izay azonao avy amin' Andriamanitra?"

Afaka mahazo fahalalana lalina kokoa sy mafy orina kokoa ary azo antoka kokoa avy amin'ny tenany manokana ny zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra rehetra. Tahaka an'i Joseph Smith, izay nanamafy ny fijoroany ho vavolombelony tao anatin'ny fanoherana, dia afaka manambara amim-pahasahiana isika hoe: "Nahafantatra izany aho, ary nahafantatra aho fa nahafantatra izany Andriamanitra, ary tsy afaka mandà izany aho sady tsy sahy nanao izany."

Rahalahy sy anabavy malalako isany, avelao hiasa ao anatinareo ilay voa kelin'ny fijoroana ho vavolombelona mandrapitsimoka izany ka ho lasafahalalana azo antoka sy be voninahitramaharitra mandrakizay.

Raha toa ianao ka vita batisa sy noraisina ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany kanefa mbola sahirana amin'ny hoe "Tsy azoko antoka hoe fantatro", dia tsarovy izao fampanantenana ao

prière de Sainte-Cène : « Afin qu'ils aient toujours son Esprit avec eux. » Grâce à cette promesse, chacun de nous peut poursuivre le chemin menant au témoignageet à une connaissance sûre.

amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo izao: "Mba hananan'izy ireo ny Fanahiny miaraka amin'izy ireo mandrakariva".Noho io fampanantenana io dia afaka miroso eo amin'ilay lalana mankany amin'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelonasy fahalalana azo antokaisika tsirairay avy.

## Prendre la responsabilité de son témoignage

Maintenant, voici une grande vérité : quelle que soit la manière dont un témoignage est donné, qu'il se distille comme le lever du soleil ou qu'il vienne sous la forme d'une vision glorieuse, il faut néanmoins faire lechoixde recevoir ce précieux don.

Dire « Je choisis de croire » facilite la réception d'un témoignage de Dieu. Si nous constatons que notre témoignage s'affaiblit, souvenons-nous que ce sont nos choix qui en diminuent la puissance. Mais le témoignage n'a pas disparu. Nous devons simplement choisir de nous le réapproprier.

Choisir de croire est une manière sage et puissante d'exercer notre libre arbitre.

Je ne vois pas de meilleure manière d'exercer mon libre arbitre que dans la défense de mon témoignage.

Le président Nelson a enseigné : « Je vous supplie de prendre la responsabilité de votre témoignage. Travaillez-y. Assumez-le. Prenez-en soin. Nourrissez-le afin qu'il grandisse. Alimentez-le de vérité. »

Pour moi, les motsprendre la responsabilité, travailler, prendre soin, assumer, nourriretalimenterévoquent unagentchargé de l'intendance de quelque chose de précieux et d'important.

Dans les débuts de l'Église, Parley P. Pratt s'est trouvé en désaccord avec Joseph Smith, le prophète, et achoiside le critiquer, ainsi que l'Église. Un jour que John Taylor (à qui Parley avait enseigné l'Évangile) était en ville, Parley l'a pris à part et lui a conseillé de ne pas suivre Joseph. John Taylor a répondu à Parley :

« Avant de quitter le Canada tu as témoigné puissamment que Joseph Smith était un prophète de Dieu […] et tu as dit que tu le savais par

## Raiso an-tanana ny Fijoroana ho Vavolombelona anananao

Ity misy fahamarinana lehibe: Na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana no anomezana ny fijoroana ho vavolombelona, na izany tsikelikely toy ny masoandro miposaka na tonga amin'ny fahitana be voninahitra, dia milasafidyhatrany ny fahazoana io fanomezana be voninahitra io.

Ny filazana hoe "Misafidy ny hino aho" dia manamora ny fahazoana tenivavolombelona avy amin' Andriamanitra. Raha mihaosa ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika, dia tsarovy fa ny safidy ataontsika no mampihena ny herin'ny fijoroana ho vavolombelona. Saingy tsy lasa aiza akory ilay fijoroana ho vavolombelona. Mila misafidy ny mamerina mampifandray azy fotsiny isika.

Ny fisafidianana ny hino dia fomba iray hendry sy mahery vaika hampiasana ny fahafahantsika misafidy.

Tsy mahita fomba tsara kokoa hampiasana ny fahafahako misafidy noho ny fiarovana ny fijoroana ho vavolombelona ananako aho.

Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Miangavy anareo aho mba handray an-tanana ny fanananareo fijoroana ho vavolombelona. Miasà ho an'izany. Mandraisa andraikitra mahakasika izany. Karakarao izany. Kolokoloy izany mba hitomboany. Fahano fahamarinana izany."

Amiko ny teny hoe:raiso an-tanana, miasà, karakarao, mandraisa andraikitra, kolokoloy,sy ny hoefahanodia toy ny hoempiasanomena andraikitra amina zavatra sarobidy sy manan-danja.

Tany am-piandohan'ny Fiangonana dia tsy faly tamin'ny Mpaminany Joseph Smith i Parley P. Pratt kanisafidyny hitsikera azy sy ny Fiangonana. Rehefa tonga tao an-tanàna i John Taylor, izay nampianarin'i Parley ny filazantsara, dia nentin'i Parley nitokana izy ary nampitandreminy mba tsy hanaraka an'i Joseph. Hoy i John Taylor tamin'i Parley:

"Mialoha ny niainganao tany Canada dia nizara fijoroana ho vavolombelona mahery vaika ianao hoe mpaminanin' Andriamanitra i Joseph

révélation et par le don du Saint-Esprit. […]

« J'ai maintenant le même témoignage que celui dont tu te réjouissais alors. Si l'œuvre était vraie il y a six mois, elle est vraie aujourd'hui. Si Joseph Smith était alors un prophète, il en est un maintenant. »

Je témoigne que Joseph Smith était un prophète de Dieu et que le manteau de prophète qu'il a reçu perdure aujourd'hui. Jésus-Christ dirige cette œuvre.

Je vous invite à réfléchir à votre chemin versun témoignage sûrde Jésus-Christ et de son Évangile. Prenez la responsabilité de votre témoignage, utilisez votre libre arbitre avec sagesse, et reconnaissez le donateur et toutes ses qualités glorieuses. Je témoigne que le pouvoir est en vous. Personne ne peut choisir à votre place. Personne ne peut vous enlever ce don. Vous pouvezchoisir de croire.

Je vous promets que, si vous le faites, votre témoignage sera «une source d'eau vive, jaillissant jusque dans la vie éternelle». Il sera uneancreet une source demotivation, et il voussoutiendradans les moments difficiles. Il vouspermettrad'acquérir des dons spirituels. Il vousaideradans votre ministère personnel et votre service. Il sera unearmecontre Satan et vos adversaires. Votre témoignage sera une source dejoielorsque vous le verrez se refléter chez vos enfants, petits-enfants et arrière-petits-enfants, et chez ceux que vous aimez et servez. Il serapuissantlorsque vous le rendrez et l'utiliserez pour témoigner.

Si vous avez un témoignage, vous savez que vous l'avez. Je sais que j'en ai un. Nous avons besoin de plus detémoignages sûrsde Jésus-Christ et de son Évangile. Développez-le ! Recherchez-le. C'est urgent ! Nous sommes dans la dernière dispensation, celle de la plénitude des temps.

Jésus-Christ a déclaré cette vérité : « Le ciel et la terre passeront, mais mes paroles ne passeront point. »

Frères et sœurs, un témoignage de Jé-

Smith …, ary nilaza ianao fa tamin'ny alalan'ny fanambarana sy ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina no nahafantaranao izany.

… Manana fijoroana ho vavolombelona mitovy amin'izay nifalianao tamin'izany aho ankehitriny. Raha marina ny asa enim-bolana lasa izay dia marina izany ankehitriny. Raha mpaminany i Joseph Smith tamin'izany fotoana izany dia mbola mpaminany izy amin'izao."

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Joseph Smith dia mpaminanin' Andriamanitra ary ilay andraikitra maha mpaminany nosalorany dia mbola mitohy amin'izao fotoana izao. I Jesoa Kristy no mitarika ity asa ity.

Manasa anao aho handinika ny lalanao hahazoanafijoroana ho vavolombelona azo antokamomba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Raiso an-tanana ny fijoroana ho vavolombelona anananao, ampiasao amim-pahendrena ny fahafahana misafidy anananao ary ekeo ilay mpanome sy ny toetrany be voninahitra rehetra. Mijoro ho vavolombelona aho fa ao anatinao ny hery. Tsy misy afaka misafidy ho anao. Tsy misy afaka manala io fanomezana io. Afakamisafidy ny hinoianao.

Mampanantena aho fa rehefa manao izany ianao, dia ho lasa "loharanon'ny rano velonamiboiboika hatrany amin'ny fiainana maharitra mandrakizay"ny fijoroana ho vavolombelona anananao. Hovatofantsikasympitaonaizany aryhanohanaanao ao anatin'ny fotoan-tsarotra. Hanampyanao hanana fanomezam-pahasoavana ara-panahy izany.Hanampyanao amin'ny fanompoana ataonao manokana izany. Hofiadianaentina manohitra an'i Satana sy ireo fahavalonao izany. Hofifalianany fijoroana ho vavolombelona anananao rehefa hitanao mipaka any amin'ireo zanakao sy zafikelinao ary zafiafinao sy ao amin'ireo izay tianao sy tompoinao. Homahery vaikaizany rehefa zarainao sy ampiasainao entina mijoro ho vavolombelona.

Rehefa fantatrao dia fantatrao izay. Fantatro fa mahafantatra aho. Mila mananafijoroana ho vavolombelona azo antokabebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany isika.Tratraro izany! Katsaho izany! Tena maika izany! Ity no fotoampitantanana farany, ny fotoampitantanan'ny fahafenoan'ny fotoana.

Nilaza izao fahamarinana izao i Jesoa Kristy: "Ho levona ny lanitra sy ny tany, fa ny teniko tsy mba ho levona."

Ry rahalahy sy anabavy, tsy natao ho fano-

sus-Christ n’a jamais eu pour vocation d’être un don temporaire. Rien en lui n’est temporaire, ni le donateur, ni le don lui-même, ni le dispensateur du don, ni le sujet du don. Puisse votre témoignage être décrit de la même manière. « Même si le ciel et la terre passent », votre témoignage de l’Évangile de Jésus-Christ ne passerapas. Le moment est venu de vous saisir de ce don précieux. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

mezana mihelina na oviana na oviana ny fijoroana ho vavolombelona momba an’i Jesoa Kristy. Tsy misy zavatra mihelina ny amin’izany—na ilay mpanome, na ilay fanomezana, na ilay mpanatitra ilay fanomezana, na ilay ifantohan’ilay fanomezana. Enga anie ho faritana toy izany ny fijoroana ho vavolombelona anananao. Na “ho levona ny lanitra sy ny tany,” ny fijoroana ho vavolombelaona anananao sy ny tenivavolombelonao momba ny filazantsaran’i Jesoa Kristytsy mbaho levona. Izao no fotoana hihazonana an’io fanomezana sarobidy io.Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena.